FANOROAM-PEJY

Lah	Iohahevitra	Pejy
01*	Inona no manosika anao handray andraikitra na hitarika?	**05**
02*	Ny fahaiza-mitarika (Leadership)	**06**
03*	Ny fahefana (le pouvoir)	**07**
04*	Ny fivoaran'ny fifandraisan'ny olombelona amin'ny hafa mandritra ny androm-piainany.	**09**
05*	Ny fahatanorana (Adolescence)	**12**
06*	Ny vatany vaovao sy ny olana aterany	**15**
07*	Ny "crise d'adolescence"	**17**
08*	Ny fivoaran'ny filan'ny olombelona (besoins) arakaraky ny sokajin-taona	**18**
09*	Ny filàna fototry ny olombelona sy ny « pyramide de Maslow »	**20**
10*	Ahoana no ataoko mba ho tonga mpitarika aho?	**23**
11*	Ahoana no ataoko mba ahatonga ny hafa ho voasarikao?	**31**
12*	Dynamisme du groupe (partie 1) Ny fiainam-bondrona (Ambiance)	**34**
13*	Ny disadisa eo anivon'ny vondrona, sy ny « élement perturbateur »	**37**
14*	Ny vokatry ny fidiran'ny mpikambana vaovao ao anatin'ny vondrona	**40**
15*	Inona no antony mampiala na mapifikitra ny mpikambana ao amin'ny vondrona misy azy.	**41**
16*	Ny tsingerim-piainan'ny vondrona iray sy ny fivoaran'ny "ambiance"	**43**
17*	Ny fahaiza-mandamina	**44**
18*	Ny tanjona sy ny zava-kendrena	**45**
19*	Ny tontolon'ny tanora	**46**
20*	Ny fivoriana sy ny tontolony	**51**
21*	Ny serasera mandritra ny fivoriana na fianarana	**54**
22*	Ireo karazana toetran'olona mpivory	**56**
23*	Ahoana no tokony ho fihetsikao amin'ireo mpitondra teo alohanao	**58**
24*	Inona no andrasana amiko fa lasa mpitarika aho?	**61**

Lesona 03 – Pejy 07

NY FAHEFANA (le pouvoir)

Ireo fahefana karazany dimy sy ny mampiavaka izay manana azy

Raha maniry ho tonga mpitarika ianao, dia zavatra tsara izany, sady mila mpitarika sy mpisava lalana hatrany ny fiarahamonina misy antsika hatreto. Ny fitarihana sy ny fahefana anefa dia zavatra roa tsy misaraka, araka ny famaritana efa hitantsika tery aloha.

Nahoana ny olona anakiray no tonga mpitarika? Fomba ahoana no nahatonga azy hanana fahefana amin'ny olombelona namany? Ary misy karazany firy moa ny fahefana? Ity misy endrim-panazavana tsotsotra:

Azo sokajiana ho karazany dimy (05) ny fahefana

1. NY FAHEFANA VOAJANAHARY (Charisme – Le pouvoir de l'autorité naturelle)

Ny bika aman'endrika, fijery, fiteny, fitafy, fisainana, fiseho sy fihetsika amam-panahy (toetra) andavanandron'ilay olona mihintsy no manintona ny olona sy ny fiarahamonina ka mandresy lahatra azy, fihetsika voajanahary fa tsy namboamboarina na novolena ny azy (io ilay ambara mandrakariva hoe misy olona efa nateraka sy natokana hitarika sy hanam-pahefana mihintsy), Ireo singa rehetra ireo indray mitambatra no mahatonga azy hanana fahefana amin'ny manodidina azy.

Voajanahary sady *manaranaka* io karazam-pahefana voalohany io, ary mahery vaika tokoa ka ho sahirana ireo manandrana manohitra izay olona manana azy. Ireto karazam-pahefana efatra hotanisaina manaraka ireto kosa dia samy efa voafehin'ireo izay manana ity "charisme" ity avokoa.

2. NY TOERAM-PAHEFANA: (Le pouvoir de position)

Fahefana ara-drariny omen'ny lalàna na fitsipika iraisana io, vokatry ny antanan-tohatra na "rafitra sy fandaminana" hoy ny fiteny mahazatra, mety hoe azo tamin'ny *fifidianana* na vokatry ny fanendren'ny *mpampihatra lalàna* ny fazahoana azy.

Mora sahirana (toherina) izay tompon'io fahefana io raha vao tsy hainy ny mampiasa azy na koa tsy manampy ny fahefany amin'ny iray amin'ireto karazam-pahefana roa manaraka ireto izy, na Fahefana ara-pahalalàna izany na Fahefana mizara sy manome)

3. NY FAHEFANA ARA-PAHALALANA (Le pouvoir de connaissance) Gen 41 :9-40

Ny fahalalàna manokana (connaissance spécialisée) dia mitondra fahefana, rehefa tojo olana ny olona ka tsy mahita izay hatao, dia tsy maintsy any amin'izay "mahalala" izy no mitodika. Mety tsy hanana "charisme" io olona mahalala io, saingy izy no tompon'ny fahefana satria izy no mahalala. Ny fahaiza-mikirakira na mitrandraka ny vaovao (mamoaka sy mihazona "informations") ihany koa dia azahoana io fahefana ara-pahalalana io.

Sarotra toherina kokoa io karazam-pahefana io, kanefa fa azonao alain-tahaka sy ataonao namana akaiky ny olona manana azy.

4. NY FAHEFANA MIZARA SY MANOME (Le pouvoir de recompense) Sal 112 :5 - Lio 16:1-9

Ny olona afaka "manome" zavatra (vola, toromarika, fankasitrahana, fanampiana) na manampy sy mamonjy ny manodidina azy dia hanam-pahefana tokoa, Tsy mahagaga raha :

a. Izay manan-katao ihany matetika no tonga filoham-pikambanana isan-karazany, na izay manambola hanaovana "propagandy" ihany no lany…,

b. Matetika no mandà ny olona *malahelo** rehefa tendrena ho mpitarika). (*Malahelo= mahantra)/ **Ohab 22:7**

Io fahefana mizara sy manome io dia mety ho lefy (satria mandalo ny vola sy ny harena) ka tsara kokoa raha ampiarahina amin'ny "fahefana ara-pahalalàna" izy)

5. **NY FAHEFANA FAMAIZANA** (Le pouvoir de punir) **Rom 13:1-4**

Ampiasain'ny mpitarika ity fahefana ity rehefa mitondra olona amin-kery izy, Ity anefa no fahefana saropady indrindra, satria miteraka fanoherana izy ity, ary mila mandanjalanja tsara rehefa mampiasa azy. Ny olona manana ny toera-pahefana (pouvoir de position) no matetika mampiasa azy ity.

Inona no tokony hatao?

Aza hadinoina mandrakariva fa Jehovah Andriamanitra no manome fahefana hoan'ny olona iray na maromaro. Izy ihany koa no manome ireo singa efatra farany ireo hoan'izay olona tiany sy fidiany (**Rom 13:13).** Matetika anefa dia tsy omena maimaim-poana ireo anjara fahefana efatra farany ireo fa mila manao ezaka ianao mba ho mendrika azy, Ireto ary misy torohevitra tsotsotra omena antsika:

- **Soyez credible:** aoka ho olona misy lanja sy mahatoky (to teny sy azo itokisana) ianao, tazomy ny teninao sy ny toky nomenao na haningotra ny tombotsoa sy ny ainao aza ny fanatanterahana ilay teny efa nambaranao, ataovy izay zavatra ambaranao sy ampianarinao (fa tsy manao mpitari-bato vilam-bava), ataovy tsara izay anjara asa nomena anao.

- **Miasà mafy! Ary mahaiza "miseho"** amin'ny fiaraha-monina, azahoana ny "pouvoir de position" io, izany no antom-pisian'ny "fampielezan-kevitra" amin'ny fifidianana, Tsara ihany koa ny mirotsaha antsitra-po fa aza miandry atolotra rehefa misy fifidianana; "ity aho! Iraho aho!" Tsy fireharehana na fisehosehoana no tiana lazaina eto fa ny fahaizana maneho ny talenta rehefa manasoa ny mpiray monina. Ara-baiboly mihintsy ny firotsahana antsitra-po rehefa misy fifidianana.

- **Mianara! Mikaroha!**, indrindra fa ireo zavatra izay vitsy mpahalala kanefa ilaina ho fantatry ny olona rehetra, mahaiza mizara sy maneho izany ampitiavana amin'ny manodidina anao.

- **Fehezo sy ampiasao ny fanananao**, mahaiza mampiasa ny zavatra eo ampelatananao hanompoana sy hanampiana ny hafa (vola, fotoana, fitaovana, toerana, olom-pantatra sns - Hevero izay nataon'ilay mpitandrina tsy marina

- **Fadio ny fahefana famaizana**! Aza mikatsaka na mampiasa azy mihintsy raha tsy efa tsy fidiny! Mahapotika sy maharava ny karazam-pahefana rehetra eo ampelatanana ny tsy fahaizana mampiasa na tsy fahaizana mifehy io karazam-pahefana io.

INONA NO ATAO HAMPAHARITRA NY FANKATOAVAN'NY OLONA ANAO?

"Raha mety ho mpanompon'ny vahoaka ianao dia ho mpanomponao mandrakizay izy" I Mpanj 12: 7 - "Izay te ho lehibe aminareo no aoka ho mpanompo" J.K

Miezaha mandrakariva mitady izay hanasoavana sy fanampiana ireo olona eo ambany fahefanao, Rehefa tsapany fa "manompo" azy tokoa no ataonao, dia hampitombo sy hampiorina ny fitiavany anao izany, ary hanajany anao hatrany.

Inona moa ilay hoe manompo? Manao izay ahafaly sy ahasambatra ilay tompoina. (Mitia sy mikarakara azy, misolo vaika azy, miaro azy sns. (Tahaka an'I J.K nanolotra ny ainy e! ilay fitenin'ny tanora hoe "*Mi-sacre hoan'ny hafa*" dia tena mahalaza azy mihintsy)

***Ireto misy torohevitra kely** : mandalo ny mony, koa fadio ny manoson-kosotra menaka fahatany fandrao hamaritra tasy eo rehefa tapitra ny vanim-potoanan'ny mony.Ahenao ny sakafo matavy sy misy larony (epices,graisse,bouillons), misotroa rano betsaka sy matetika, aza potserina ny mony mbola manta fa mety miteraka fahavoazana "*infection*" izany ka hampivonto ny tarehy, Avelao ho maina ho azy. Raha maharitra ny fisian'ny mony dia manantona mpitsabo sao aretin'aty sns.*

NY FITOMBOANA:

- Mety hitombo hatramin'ny 15-20 cm ny zatovovavy ao anatin'ny taona iray, somary kelikely ny tovovavy raha oharina amin'ny tovolahy, taolana manifinify ary tsy dia misy nofo matevina firy
- Mitombo habe kosa ny faritra manandrify ny "fitombenana sy ny valahana" mahatsapa mihamavesatra izy, indrindra rehefa mihazakazaka…

NY FEO:

Miova ny feo (tsy dia mahatakatra avo be firy intsony), kanefa mijanona ho maranitra ihany anefa izany.

2. NY FIDIRAN'NY TOVOLAHY AMIN'NY HATANORANA:

Somary tara (1 na 3 taona) ny fivoaran'ny zatovolahy raha oharaina amin'ny zatovovavy, kanefa tsy mitovy avokoa ny fiovan'ny zatovolahy (arakaraky ny vahana sy ny taranaka)

NY FIANDOHANY:

- Maniry volo eo ambonin'ny filahiana (pubis)

HORMONES:

- Ny FSH[1] sy ny LH izay miatraika any amin'ny "voan-tatavia na testicules" , mahatonga azy hamokatra sperme na tsirinaina, sy *hormone* lahy antsoina hoe "*la testosterone*"
- Ny *hormone GH* sy ny *Androgène* no mampiova ny rafi-batana (anatomie)

SEHO HITA MIVANTANA:

- Mitombo ny tatavia sy ny voan-tatavia, eo amin'ny faha 13 taona aloha dia ny "testicules" sy ny scrotum no mitombo mialoha, , herin-taona aty aoriana dia mitombo ny tatavia (mandritra ny 2 taona io fitomboana io)
- Eo amin'ny faha 15 taona dia matoy ny tovolahy (vokatry ny *spermatogène* izay mamokatra tsirinaina matoy)
- Misy "fihenjanan'ny tatavia" tsindraindray hoan'ny zatovolahy @ alina, ary mety hisy fivoahan'ny tsirinaina mahalankalana mihintsy aza izany.

[1] FSH sy LH voambolana siantifika ireo ilazana karazana tsirim-panentana na hormones

ENDRIKA FAHAROA: Ny "testosterone" no fototry ny fiovana faharoa:

- **Ny volo:**

  Eo amin'ny faha 13 taona dia manomboka mitsiry volo ny tatavia, manaraka azy eo ny volon-kelika, mitsiry ny volom-bava sns

- **Ny fitomboana:**
  - Somary tara kokoa ny tovolahy raha oharina amin'ny tovovavy (1 na 3 taona ny fahataràna)
  - Ny "*hormones*" no mitarika ny fitomboana ara-batana, mety mahazo 25 cm ao anatin'ny taona iray izy, mihavaventy ny taolana, somary lava-mahia aloha izy, avy eo dia mitombo nofo indray, ary miendrika lehilahy lehibe avy eo.

- **Ny feo**: mivoatra ny "*larynx*" vokatry ny hormone *androgène*, lasa midoboka ny feo, somary miovaova izy amin'ny voalohany (mivadibadika, oh: mivalana raha mihira, manao "beso fisaka" hoy ny panadroadro)

-oOo-

TSY ARITRO KELY: NY FIRAISANA ARA-NOFO EO ANIVON'NY ZATOVO SY NY TANORA

Inona no "argument" mahomby indrindra entina miaro ny zatovo tsy hiditra amin'ny firaisana ara-nofo mialohan'ny fotoana?

Anisan'ny olana ngezabe ho ahy nandritra ny vanimpotoana voalohany nanabeazako tanora ny fitadiavana "argument" na toha-kevitra mahomby entina mananatra sy miaro ireo zatovo sy ny tanora (Kristiana na tsia) tsy hanaovany firaisana ara-nofo mialohan'ny "fotoana".

Manampy trotraka ihany koa ny fisian'ny raiamandreny sarotiny ka miteny hoe "aza mbola iresahana an'izany ny zanakay fa mbola kely", kanefa ny tena izay mitaiza ny zanany aza dia mahita fa efa tsy virijiny intsony ny zanany! Misy vao 14 taona monja dia efa tsy "izy" intsony, Mahery vaika tsinona ny famporisihina ataon'ny fandrosoana sy ny haino aman-jery amin'izao fotoana izao.

Izay iray ary tonga aloha, na ny fananaranao, na ny famporisihina ataon'ny devoly, sady ny devoly tsy miandry azy ho feno 15 taona izany! Koa araka ny hevitro dia aleo ny fananarana no tonga aloha, Eny fa na mbola zaza ary izy dia tokony hikaroka fomba hananarana azy tsikelikely sahady ny raiamandreny.

Maro tokoa ireo *argument*s voaray avy tamin'ireo raiamandreny, toy ny hoe "tsy araka ny sitrapon'Andriamanitra, fijangajangana" sns, fa ny tena tsapako ho nandaitra kokoa amin'ny tanora dia ireto dimy ireto:

1. Tsy miantoka ny faharetan'ny fitiavana tsy akory ny fanaovana firaisana
2. Fady amin'ny zanak'Israely ny firaisana ara-nofo ivelan'ny fanambadiana
3. Tsy takona afenina ny tsy maha virijiny intsony!
4. Misy fiatraikany ratsy amin'ny fiainan-tokatrano rahatrizay ny fanaovana firaisana mialohan'ny mariazy
5. Manimba endrika amam-bika satria tena mampitsahatra ny fitomboana (halavana) ny fanaovana firaisana voalohany

Manaraka hoazy ny toko sy andininy avy eo!

Lesona faha 07 – Pejy 17

NY « CRISE D*ADOLESCENCE »

Adolan-tsento hoy isika tany amboalohany,

Famaritana:

Ny "crise d'adolescence" na ny *"trouble depressif"* izay manjo ny tanora dia fiovaovan'ny fihetseham-po, vokatry ny fikorotanan-tsaina.

Fisehony:

- Mbetika faly tampoka, mbetika malahelo lava, mora mitomany sns
- Tsy mivaky loha (tsy miraika) tsy taitra tsy rototra; mora variana amin-javatra
- Manohitra be fahatany ;
- Kamo, tsy mahita tory

Miasa be ny sain'ny zatovo mandritra io vanim-potoana io, ny vatany toa niova be, tsy fantany intsony ny vatany, ny fijerin'ny manodidina azy toa niova, miasa ny sainy…

Mahatsiaro voafitaka:

Mahatsiaro voafitaka ny zatovo eto, ny fiheverany ny raiamandreniny hatrizay dia olona tsara tarehy sy tsara fanahy, mahay ny zavatra rehetra sy manana ny zavatra rehetra, ankehitriny anefa dia "fantany tsikelikely" fa hay voafetra ihany ny fahefan'ireto raiamandreny ireto, na amin'ny fahalalàna, na amin'ny fahendrena (hitany avokoa ireo kileman'I dada sy neny) na amin'ny vola aman-karena (tsy afaka hanome azy izay rehetra ilainy intsony). Mamalivaly izy satria "diso fanantenana"! (*Nahoana koa no ato amin'ity fianakaviana ity izaho no teraka? "Faute- n'i Dada sy Neny no nahatonga ahy eto an-tany" e! Sns*)

Fanotaniana lalina:

Fanotaniana "lalina" no mameno ny sainy, ohatra hoe: Nahoana no mety maty ny olona, nahoana ary aho raha tsy teraka? Nahoana no misy mahantra sy manakarena, tsy rariny ny zavatra misy eto an-tany! Fa nahoana? Tsy mety izao! Nahoana no ny lehibe foana no manana ny marina? Ahoana ny hoaviko? Mba hisy haka vady ve aho? Sns, Amin'io vanim-potoana io no tena mahery vaika ny fikasana *hamono tena.*

Hafatra: *Mandritra ny vanim-potoana iainany io "**crise d'adolescence"** io dia sarotra ny miara-monina amin'ilay tanora. Saingy aza hadino fa "**izy mihintsy no mijaly**" koa tsy maditra izy tsy akory fa mila namana akaiky mba hiresaka sy hifanakalo hevitra aminy, satria **ny fiainana mihintsy no tena "tsy azony" sy "mahasorena" azy,** indrindra moa fa ireo fombafomba lazaina fa tsy maintsy arahina (Tsy zakany ireny lazaina fa fombafomba tsimaintsy arahina ireny, oh: tsimaintsy manao akanjo sy volo toa izao sy izao, tsy mahazo manao fihetsika izao sy izao …)*

NY FIVOARAN'NY FILANA (Besoins) ARAKARAKY NY SOKAJIN-TAONA



Ny fahalalanao sy ny fampiharanao io kisary maneho ny filàn'ny olona tsirairay io , raha ampiharinao tokoa dia hamaha olana betsaka mikasika ny fifandraisanao aman'olona sy ahatonga anao ahazo izay rehetra ilainao amin'ny fiainana. Satria ho lasa tian'ny olona ianao ary ahafinaritra azireo ny mifanerasera aminao.